Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

**FIARAHA-MIVAVAKA Sabotsy 18 AVRIL 2020**

**Lohahevitra: MIORINA TSARA AO @ KRISTY**

**Mitarika : Dr Rev Seth Rasolondraibe**

FIARAHABANA

**HIRA** 138 and 1 sy 2 sy 3

Vavaka

**VAKITENY 1a EFE 4:11-16**

11Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra,
12ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana,ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, 13mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy; 14mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana; 15fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'Izay Loha, dia Kristy.

**Fampidirana**

**HIRA Antoko Mpihira :** «.E jereo..... »

**Vakiteny 1b. Gen 3.6-9**

6Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy.
7Dia nahiratra ny mason'izy mivady, ka fantany fa mitanjaka izy; ary nanjaitra ravin'aviavy izy, ka nataony sikina ho azy.

8Ary nandre an'i Jehovah Andriamanitra nitsangantsangana teo amin'ny saha izy, rehefa ho hariva ny andro; ary ralehilahy sy ny vadiny niery ny tavan'i Jehovah Andriamanitra tao anaty hazo tao amin'ny saha.
9Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: **Aiza moa hianao?** 10Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery.

**Fanazavana Fohy**

**HIRA 354.1**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

Samy hamaly izany fanontaniana izany: Aiza moa ianao?
Hiverina efa niala / handroso bebe kokoa raha efa ao
Ho hitan'Atra...

**VAVAKA MPITANDINA**

**VAKITENY 2. Gen 4.1-10**

3Ary rehefa afaka elaela, dia nitondran'i Kaina ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an'i Jehovah; 4fa nitondran'i Abela kosa ny voalohan-terak'ondriny, dia izay matavy.
Ary Jehovah nankasitraka an'i Abela mbamin'ny fanatiny; 5fa Kaina mbamin'ny fanatiny kosa tsy mba nankasitrahany. Dia tezitra indrindra Kaina, sady nanjombona ny tarehiny.
6Ary hoy Jehovah tamin'i Kaina: **Nahoana no tezitra hianao? Ary nahoana no manjombona ny tarehinao?** 7Raha tsara toetra hianao, moa tsy ho miramirana va? Fa raha tsy tsara toetra kosa hianao, dia mamitsaka eo am-baravarana ny ota; ary hianao no kendren'ny faniriany, kanefa hianao no tokony hanapaka azy.
8Ary Kaina niteny tamin'i Abela rahalahiny; ary nony tany an-tsaha izy mirahalahy, dia nitsangana Kaina nanatona an'i Abela rahalahiny ka namono azy.
9Ary hoy Jehovah tamin'i Kaina: Aiza Abela rahalahinao? Fa hoy izy: Asa; moa mpitandrina ny rahalahiko va aho? 10Ary hoy Izy: Inona no nataonao? Ny feon'ny ran'ny rahalahinao mitaraina amiko avy amin'ny tany.

**Fanazavana Fohy**

**HIRA 354.2**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

Mba hampianarin'Atra hanapaka ny ota ...hiaro ny fo
Hadio am-po ary hamela ny helok'izay miady aminao
Fisaorana ho an'izay sitranan'ny COVID 19
**Hisy ny fihavanam-pirenena eo @ malagasy**

**VAVAKA MPITANDINA**

**VAKITENY 3. MATIO 16.13-19**

13ARY rehefa tonga tany amin'ny fari-tanin'i Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hoe: **Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?** 14Dia hoy ireo: *Hoy* ny sasany: Jaona Mpanao-batisa; ary *hoy* ny sasany: Elia; ary *hoy* ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany. 15Ary hoy Jesosy taminy: Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza? 16Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.
17Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra hianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra. 18Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. 19Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao etỳ ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao etỳ ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

***Fanazavana fohy***

**HIRA 354.3**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

MBA ho Tompo sy Mpamonjy antsika Jesosy
Hitombo @ fahalalana sy fitiavana Azy ny fiangonana…
Hianatra sy ho tia ny Teniny

**VAVAKA MPITANDINA**

**VAKITENY 4. Asa 9.1-6**

**Ny niovan'i Saoly ho Kristiana.**

**1ARY Saoly mbola nifofofofo fandrahonana sy famonoana tamin'ny mpianatry ny Tompo ihany, dia nankao amin'ny mpisoronabe izy 2ka nangataka taratasy taminy ho any amin'ny synagoga any Damaskosy, mba ho entiny mifatotra ho any Jerosalema izay rehetra hitany momba izany fampianaranaizany, na lahy an vavy.**
**3Ary raha nandeha izy, dia tonga teo akaikin'i Damaskosy; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy; 4dia lavo tamin'ny tany izy ka nandre feo nanao taminy hoe: Saoly, Saoly, nahoana hianao no manenjika Ahy? 5Ary hoy izy: Iza moa hianao, Tompoko? Dia hoy Izy: Izaho no Jesosy Izay enjehinao; 6fa mitsangàna, ka mankanesa ho any an-tanàna, dia holazaina aminao izay mety hataonao.**

**Fanazavana Fohy:**

**HIRA 354.4**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

HIBEBAKA @ IRENY NY MPINO REHETRA….
MALALAKA

**VAVAKA MPITANDINA**

**Teny FANDRAVONANA**

**HEB 12.1-3**

1KOA amin'izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao,
2mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy.
3Fa hevero tsara ilay naharitra ny fanoherana nataon'ny mpanota taminy, fandrao ho ketraka hianareo, ka ho reraka ny fanahianreo.

**Vavaka farany vavaka nampianarin'ny Tompo**

**ANTOKO MPIHIRA "Ho irakao"**

**TSO-DRANO (Nom 6.24-26)**

24Hitahy anao anie ny Tompo ka hiaro anao;
25Hampamirapiratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hamindra fo aminao;
26Hanandratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hanome anao fiadanana.